



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana • Tanindrazana • Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Fanolorana ny voka-pikarohana sy firaketana avy amin'ny BRGM: hanatsara ny fitantanana, ny fandrindrana sy fampivoarana ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany malagasy

Notanterahana ny harivan'ny 31 may 2019 tao amin'ny Muséum National d'Histoire Naturelle, Paris, ny fanomezana ho an'ny firenena malagasy ny vokatry ny asa fikarohana sy firaketana rehetra nataon'ny Bureau de Recherche Géologique et Minière (BRGM). Voka-pikarohana natao nandritra ny dimampolo taona mahery izay mirakitra ireo torohay sy firaketana rehetra momba ny toe-tany sy ny harena an-kibon'ny tany malagasy ireto natolotra ireo. Hanampy amin'ny fampiroboroboana ny toe-karena ary manamafy hatrany fa manan-karena ny tanintsika ireo voka-pikarohana ireo hoy ny Filoha Andry Rajoelina. « Mampiseho ny fahatokisan'ny BRGM ny vina ampiharintsika amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara izao fanomezana izao, ary hanampy antsika amin'ny fitantanana, ny fandrindrana sy fampivoarana ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany malagasy izao» hoy ihany ny Filoham-pirenena. Nandritra ity lanonana ity no nanaovan'ny minisitry ny harena an-kibon'ny tany ny loharanon-karena stratejika, Atoa. Fidiniavo RAVOKATRA sy ny Filoha Tale Jeneralin'ny BRGM, Rtoa. Michèle ROUSSEAU ny fanaovan-tsonia ny fifanarahana lasitra ho fanomezana ireo voka-pikarohana ireo. Ny BRGM ihany koa dia nanolotra ny Filoha Andry Rajoelina ny sarintany geolojika izay maneho ny fahalalana rehetra voarakitra nandritra izay dimampolo taona mahery izay.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
31-05-2019